# Mofonaina Zoma 26 Jolay 2024 – Lioka 9,57-62 – FIARAHA-MANDINIKA SORATRA MASINA

**Lc 9:57-62**

---

## 1. NY BOKY

### 1.1 Fandraisan'anjaran'ny tsirairay

- **Toko:** 24
- **Daty:** 64
- **Mpanoratra:** Lioka mpahay tantara, Grika, mpitsabo
- **Mampiavaka:**
  - Ny fahaterahan'i Jaona mpanao Batisa
  - Ny tetiarana miantsoro mianoatra (Jesoa Kristy hatramin'i Adama)
  - Ny tantaran'ny fitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty (ny resak'i Jesoa tamin'ireo roa lahy nankany Emaosy)

### 1.2 Foto-kevitra Misongadina

- **121.** Jesoa Kristy tsy manavaka. Lc filazantsara atolotry ny jentilisa ho an'ny jentilisa.
- **122.** Jesoa Kristy sy ny asan'ny Fanahy Masina (Lc 1:35; 4:1; 4:18…).
- **123.** Jesoa Kristy olombelona (Lc 19:41: nitomany; Lc 4:1-13: noana; Lc 5:16: nivavaka).
- **124.** Jesoa Kristy tia sy magoraka (Lc 10:25-37: Samaritana tsara fanahy; Lc 15:11-32: Zanaka adala).
- **125.** Jesoa Kristy manao ho zava-dehibe ny finoana (Lc 7:1-10: Mpanompon'Ilay kapiteny).

- **126.** Jesoa Kristy manao ho zava-dehibe ny vavaka (Lc 11:1-13; Lc 18:1-8: Mpitondra tena nahery nangataka).
- **127.** Jesoa Kristy manao ho zava-dehibe ny vehivavy (Lc 8:1-3; Lc 10:38-42: Marta sy Maria).

---

## 2. FAMARITANA NY TEKSTA

Ity teksta ity dia tafiditra ao amin'ny fampianarana lava nataon'i Jesoa ary mampianatra ireo fepetra sy fanamby mifandraika amin'ny fanarahana Azy. Manomboka ny lalana farany mankany Jerosalema i Jesoa ary asehony an-tsary ny fiafaran'ny lalana miaraka aminy (Lc 9:18-27). Miresaka an-dalana i Jesoa sady tsy mitsahatra miantso olona hanaraka Azy.

---

## 3. IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN'NY TEKSTA

- **31.** Fanarahana: Ohatry ny kofehy manaraka fanjaitra no heviny.
- **32.** Fiantsoana: Fanavahana arahin'ny fiombonana.
- **33.** Fahafoizana: Fepetra apetrak'i Jesoa amin'ny mpanaraka azy izany (Tsy mifanaraka amin'ny fiantson'ny Tompo ny firaiketam-po amin'ny zavatra samihafa).
- **34.** Fahatokisana: Manaiky handeha miaraka amin'ny fepetra sy ny fanamby samihafa.
- **35.** Fomban-drazana: Mifanandrina ny nentim-paharazana sy ny fiantsoan'i Jesoa (Fiheverana manodidina ny fahafatesana sy ny fianakaviana: Jesoa manome fijery vaovao mihoatra noho ny fomba sy ny mahazatra).
- **36.** Fifidianana: Mila manao safidy hentitra rehefa hanaraka an'i Jesoa.
- **37.** Fanjakan'Andriamanitra: Laharam-pahamehana mihoatra noho ny zavatra rehetra ny asa fanompoana sy ny

fitoriana ny filazantsara.

---

## 4. FAMPIHARANA FITO: AOKA

- **41.** Aoka izay alehan'i Jesoa no ho diavinao (Ny fiainany no ho fiainanao). Mijoroa na amin'ny teny na amin'ny asa.
- **42.** Aoka hamaly ny antson'ny Tompo amin'ny fotoana rehetra sy ny toerana rehetra.
- **43.** Aoka hahafoy ny fahatretrehana, ny zavatra tiana mba hanompo an'Andriamanitra sy hanompo ny hafa. Avelao izay rehetra manelingelina amin'ny fifandraisana amin'i Jesoa (Laharana voalohany ny Tompo).
- **44.** Aoka hatoky sy hino hatrany rehefa miara-mandeha amin'ny Tompo (Dian-tongotra tokana indraindray no hita??? Trotroiny ianao amin'ny lalana sarotra).
- **45.** Aoka ajanona ireo fombafomba mibahan-dalana anao tsy hiara-mandeha amin'i Jesoa.
- **46.** Aoka havaozina isan'andro eny am-pandehanana ny fanapahan-kevitra hiara-mandeha amin'i Jesoa.
- **47.** Aoka homen-danja ny asa fanompoana sy ny fitoriana ka ataovy laharam-pahamehana araka izay tratra amin-joto sy amim-pifaliana ireny.